


ALAHADY FAHA 06 MANDAVANTAONA - B



Niala tamin-dralehilahy ny habokàna ka nadio izy.

Ry Kristianina havana, matetika averina amintsika fa tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa asehony amintsika ny fitiavany ka anjarantsika no manana masom-pinoana, sofim-pinoana handray hizara ary hanely ny vaovao mahafaly ambarany amintsika dia ny fitiavany.

Amin'izao Alahady tsotra faha-6 mandavantaona izao dia mifanojo amin'ny fahatsiarovana sy fankalazana ny andron'ny marary izay natokan'i Papa Md Joany Paoly II efa 26 taona lasa izay nisafidy ny 11 febroary ankalazana an'i Masina Maria "Notre-Dame de Lourdes" izay niseho tao Lourdes (Frantsa) efa 160 taona lasa izao. Toerana feno ireo marary ny ao Lourdes, feno ireo izay maniry ny ho sitrana amin'ny aretina ananany sady mino ny vavaka ataon'i Masina Maria ho azy ireo.

Maro ny mahazo fahasitranana ary maro ireo manao fivahiniana masina ao Lourdes na Kristianina na tsy Kristianina. Maro aza ireo tsy kristianina noho ny fahatsapany ny famindrampon'Andriamanitra dia tonga ao mitady fahasitranana araky ny voalazan'i Masina Maria tamin'i Mb Bernadette ka mahazo fahasoavana izay manasitrana arapanahy na ara-nofo. Izany no nahatonga an'i Papa Md Jean Paul II nisafidy ny 11 febroary ho andron'ny marary.

Ry Kristianina havana, mahagaga ny fandaharan'Andriamanitra fa ny vakiteny atolotry ny Eglisy androany dia mampitodika antsika amin'i Jesoa izay manasitrana sy manadio ny fiainantsika ary manohy ny fitoriana ny vaovao mahafaly. Eo anivontsika Andriamanitra ary tsapan'ireo izay manao fivahiniana masina any Lourdes izany. Ka ity andro 11 febroary ity no hitodihantsika manokana amin'ireo marary no hangatahantsika ny famidrampon'Andriamanitra.

Ny Evanjely androany dia ahitantsika ny boka iray nanatona an'i Jesoa nangataka taminy hoe "raha mety ianao, aoka ho sitranonao". Izany koa ny vavaka ataon'ireo marary any Lourdes miaraka amin'i Masina Maria ka tanteraka ny famindrampon'Andriamanitra sy mahazo fahasiranana ara-panahy, ara-tsaina, ara-nofo satria diovin'Andriamanitra izy ireo ka mahazo fiadanana, hafaliana.

Tian'ny Papa Fransoà ho tsapantsika koa izany raha manao hafatra manokana izy amin'izao andron'ny marary izao : Asainy isika hanao ny làlan'ny hazo fijaliana satria io no loharanom-pamonjena manasitra ny fo amam-panahy ka hahatonga antsika ho iray ao aminy. Noraisin'i Jesoa tamin'izynofantsihana tamin'ny hazo fijaliana ny rofintsika rehetra, izy izay tsy manam-pahotana, nanaiky noho ny fitiavana. Rehefa nandresy ny ratsy rehetra i Jesoa ka nitsangan-ko velona dia nanasitrana antsika tamy rofy rehetra.

Izany no banjinintsika amin'ny Fo masin'i Jesoa izay nisy rano sy rà nivoaka amin'ny fo masina rehefa nolefonina izay manambara ihany koa ny famonjena antsika.

Manamafy ny Papa Ray masina araka ny voalaza amin'ny Evanjelin'I Md Joany 19,26 : "Nony hitan'i Jesoa ny reniny sy ilay mpianany malalany nitsangana teo akaikiny, dia hoy izy tamin-dreniny: Ravehivavy, indro ny zanakao. Ary hoy koa izy tamin'ilay mpianatra: Indro ny reninao. Ka hatramin'izay dia noraisin'ilay mpianatra ho any aminy izy.". Tian'i Papa mba hahay handray an'i Masina Maria ho ao amintsika isika ka arakaraky ny fandraisantsika azy no hiombonantsika sy hitoerantsika ao amin'i Jesoa . Ary raha mitoetra ao amin'i Jesoa isika dia i Jesoa mitoetra ao amintsika ka hamokatra be ny fiainantsika. Tahaka ny voalaza ao amin'ny Evanjely nidiovin'i Jesoa ilay marary hoditra ka nahazo fahasoavana. Diovin'i Jesoa koa ny fiainantsika raha eo anivontsika tokoa izy ary raha mitoetra ao aminy isika. Arakaraky ny fiombonantsika amin'i Masina Maria no iombonantsika amin'i Jesoa zanany. Raha miombona amin'i Jesoa isika dia hiroso sy hikolokolo ireo zohim-pahoriana sy ireo tsy salama.

Maniraka antsika hiombona amin'i Masina Maria izany, hampiantrano azy isika tahaka ny nataon'i Joany. Maniraka antsika koa ho tahaka an'i Masina Maria nandeha tany amin'i Elisabeta nitondra an'i Jesoa ka isika koa hikarakara ireo marary ka hitondra an'i Jesoa ho azy ireo sy ireo manodidina antsika. Tsy ho tehirizintsika ao am-pontsika fotsiny i Jesoa fa ho entintsika hikarakarana an'ireo marary na ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo.

Mamporisika antsika matetika aho hoe aoka hajoro any amin'ny eglisy fiombonana, eglisy kely fianakaviana, any amin'ny kartie ireo vaomiera manompo dia ny VVS, ny

CARITAS izany hoe vaomiera manasa antsika hikaraka ireo tra-pahorianana isan-karazany fa indrindra ny marary ary asa fanompoana izany satria ny vaomieran'asa dia fanompoana. Ny fanorenana ny Eglisy olona velona EOV dia mitaky zavatra maro fa indrindra ireto teny miantomboka amin'ny "M" ireto :

Mivavaka - Mandalim-pinoana - Mikatroka amin'ny fikambanana masina sy ny firohotana, ary ny **Manompo** amin'ny alalan'ny vaomieran'ny asa : justice et paix, ny ACP, ny vaomeiran'ny fiantsoan'Andriamanitra, ny litorjia fa eto dia ny VVS sy ny CARITAS no asongadina bebe kokoa ary hamporishana antsika hanompo amin'ny toerana misy antsika.

Nomen'Andriamanitra fahasoavana isika hahay handray an'i Masina Maria ka aoka hahay hizara fahasoavana eo amin'ny manodidina antsika.

Ny Evanjely dia manambara koa fa tian'I Md Marka ho tsapantsika ny "emploi du temps" n'i Jesoa. Isika Krisitianina dia asaina mba hanana laminasa ary tsy maintsy atao izany.

Hitantsika fa i Jesoa mitory teny dia lasa tany an-tendrombohitra mivavaka.

Ny asa fanompoana dia tsy misaraka amin'ny fivavahana. Raha mivavaka isika dia io no maniraka antsika hanompo, mila hery sy fahasoavan'Andriamanitra isika ka mila mivavaka satria hanampy antsika ho tonga Eglisy olona velona tokoa ho famantaram-pamonjena amin'ny manodidina antsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanadnro. Ho tahaka an'i Md Paoly isika ka hilaza koa fa "loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho" ary afaka milaza koa tahaka ny voalzany amin'ny vakiteny faharoa androany "Makà tahaka ahy, toy ny akako tahaka an'i Kristy."

Ry Kristianina havana andro lehibe ho antsika inty andro ity izay hahatsiarovantsika ambavaka ireo marary, ireo tra-pahorianana, ireo izay marofy ary miaraka amin'i Masina Maria isika no manao izao vavaka izao. Araraoty izao fotoana izao hankaherezana ireo marary am-pandriana noho ny antony maro samihafa tsy misy mpikarakara sy ireo marary rehetra koa ho entintsika ambavaka mba ho soa ho tsara ary hahay hanambatra ny fahoriany amin'Andriamanitra ho famonjena an'izao tontolo izao.

Araky ny vavaka hamaranan'i Papa Ray masina ny taratasiny, enga anie i Masina Maria hivavaka ho an'ny marary rehetra amin'izao faha 26 taona andron'ny marary izao, izy anie hanampy ny olona marary rehetra ka hampiombona ny fahorian'izy ireo amin'i Kristy ka ho zary famonjena ho an'ny besinimaro ary Masina Maria hankahery ireo izay mpikarakara ny marary, ny mpitsabo, ny fianakaviana hahazo ny tsodranon'Andriamanitra izy ireo hiombona bebe kokoa amin'i Kristy. Amen